18

# NY ENDRI-PAMOKARANA MIFOTOTRA AMIN'NY FIHAVANANA

**TANJONA**

Mamantatra ny endri-pamokarana mifototra amin'ny fihavanana.

**VONTOATIM-PAHALALANA**

**Ny anarana iantsoana ny valin-tanana any amin'ny foko**

Samy manana ny fomba fiantsona azy ny valin-tanana araka ny foko isehoany.

- Valin-tanana (Merina)
- Kifanomba na Atero ko alao (Betsileo)
- Tambirô ( Betsimisaraka)

**Ny hevitra fonosin'ny valin-tanana**

- Fifanampiana
- Fiaraha-miasa
- Fanamafisana ny fihavanana sy ny firaisankina
- Fifanomezan-tanana

**Fanamarihana :**

Tsy misy maharatsy ny valin-tanana fa ny fisainan'ny olona ankehitriny no mihevitra hoe efa lany andro izy io ka aleony mampiasa ny volany hanatanterahany ny asany ka zary nampihen-danja azy.

## Lahatsoratra

Fifanomezana tanana teo amin'ny asa fivelomana no natao tamin'izany ka vetivety dia vita ny asa. Tsy nijery tavan'olona ny fanaovana izany fa nanaovana daholo na ny manana na tsia .

Nahavitana karazana asa maro ny valin-tanana fa tsy nijanona teo amin'ny fambolem-bary fotsiny.Teo koa ny fanaovana fasana, fanamboarana trano, fananganana tamboho sy fefiloha. Tsy voatery ho famaliana teo amin'ny asa ihany anefa ny valin-tanana fa niitatra tamin'ny fifanampiana rehetra, ka novonjena avokoa izay sahirana nila tanana.

Fomba fiasa narahina fihavanana fahiny tany amin'ny Betsimisaraka ny tambiro. Fifanomezan-tanana tamin'ny asa fivelomana no nanantanterahina izany, ka tsy teo amin'ny mpianakavy ihany fa nitatra hatrany amin'ny fiarahamonina ny fanaovana azy.

**Sahanasa 1**

1-Inona no antsoina hoe valin-tanana?

2-Inona no antsoina hoe tambirô?

3-Taiza teto Madagasikara no nampiasana azy ireo?

4-Inona no tanjon'nireo fomba fiasa roa ireo?

**Sahanasa 2**

1-Hazao ny fomba fanatanterahana ny valin-tanana.

2-Hazavao ny fanatanterahana ny tambirô.

**Sahanasa 3**

1-Manomeza ohabolana mahakasika ny fihariana mifototra amin'ny fihavanana.

2-Inona no tombon-tsoa azo avy amin'ny fifanomezan-tanana amin'ny valin-tanana sy ny tambirô?

3-Inona no vokatra ratsy ateraky ny fifanomezan-tanana amin'ny valin-tanana sy ny tambirô?